

**LALANA LAHARANA FAHA-2003-025
anaovana ny sata mifehy ny seranan-tsambo**

Ny Filohan' ny Repoblika,

Araka ny Lalàmpanorenana,

Araka ny fanapahana laharana faha-13-HCC/D3 tamin' ny 22 aogositra 2003 nataon' ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana,

No mamoaka hampanan-kery ny lalàna izay toy izao ny andinindiny :

**LOHATENY VOALOHANY
ANTON-DRAHARAHY SY FOTO-KEVITRA
ANKAPOBE**

Andininy voalohany. – Ny seranan-tsambo iray dia fitambaran' ny velaran-tany, fari-dranomasina ary tsangan' asa izay, miorina amin' ny morontsiraka na amin' ny moron' ny renirano mahafeno ny fepetra hita maso voajanahary na nataon' olona ary ara-pandaminana, ahafahana manatanteraka ny asa fitrandrahana ny seranan-tsambo.

Rehefa seranan-tsambo dia tsy maintsy hanaovana famaritana ho fampiharana ny fepetra mifehy ny tanim-panjakana.

And. 2. – Ity lalàna ity dia mamaritra ny sata mifehy ny seranan-tsambo ankoatran' ny seranana ara-miaramila. Manoritra ny sata sy ny fepetra mihatra amin' ireo vondrona miandraikitra ny fitantàna, ny fiadidiana ary ny fihariana ireo seranan-tsambo ireo izy, ary koa ny fandaminana ny zana-tsehatra miankina aminy. Ny fepetran' ity lalàna ity dia natao ho fankatoavana ireto foto-kevitra manaraka ireto :

- Ny tsy fahazoana mivarotra sy ny tsy fahazoana mizarazara ny faritry ny firenena;

- Ny fanajàna ireo tombontsoan' ny Fanjakana mifandraika amin' ny fampihàrana ny fiandrianam-pirenena eo amin' ny fari-dranomasina;

- Ny fizakantenan' ny Faritany;

- Ny fisintahan' ny Fanjakana amin' ny asa ara-indostria sy ara-barotra;

- Ny maha ao anatin' ny faritra stratejika ny firenena araka ny hevitra ny lalàna laharana faha-94-018 tamin' ny 26 septambra 1995 momba ny fandaminana ankapobe ny fiarovana an' i Madagasikara.

**LOHATENY II
FANDAMINANA ANKAPOBE
TOKO VOALOHANY**

Fitantanana sy fandrindrana ny zana-tsehatry ny seranan-tsambo

And. 3. – Ny fitantanana sy ny fandrindrana ny zana-tsehatry ny seranan-tsambo dia tontosain' ny masoivoho ara-tseranan-tsambo, an-dranomasina sy an-dranomamy (APMF) izay manana ny satana orinasam-panjakana ara-indostria sy ara-barotra ary nomena fizakan-tena ara-pitantàna sy ara-bola araka ny voafaritry ny lalàna laharana faha-98-031 momba ny famaritana ny orinasam-panjakana sy ny lalàna momba ny famoronana karazan' orinasam-panjakana sy ny didim-panjakana fampihàrana azy. Ny APMF dia mitandrana mba ho ao anatin' ny fanajana ny fitsipiky ny fifaninanana malalaka sy mangarahara eo anivon' ny samy mpandraharaha no hiantohana ny fiadidiana sy ny fihariana ny seranan-tsambo.

TOKO II

Fanasokajiana ny seranan-tsambo - Fananan-tany

And. 4. – Ny seranan-tsambo ankoatra ny ara-miaramila dia voasokajy ho seranan-tsambo ho amin' ny tombontsoam-pirenena sy seranan-tsambo ho amin' ny tombontsoam-paritany.

Didim-panjakana no anasokajiana ny seranan-tsambo ary notandrova tamin' izany isaky ny seranan-tsambo tsirairay ny lanjany ara-stratejika, ny fiovaovan' ny varotra ary ny lanjany ara-piaraha-monina sy ara-toekarena ary ara-jeografia, indrindra ny fifandraisany amin' ny toekarem-pirenena.

**LOI N° 2003-025
portant statuts des ports**

Le Président de la République,

Vu la Constitution,

Vu la décision n° 13-HCC/D3 du 22 août 2003 de la Haute Cour Constitutionnelle,

Promulgue la loi dont la teneur suit :

TITRE PREMIER

OBJET ET PRINCIPES GÉNÉRAUX

Article premier. – Un port est un ensemble d'espaces terrestres, eaux maritimes et installations qui, situés sur les rivages ou les rives des fleuves, réunissent les conditions physiques, naturelles ou artificielles, et d'organisation, qui permettent l'exécution d'opération d'exploitation portuaire.

Tout port doit faire l'objet d'une délimitation faite en application des dispositions régissant le domaine public.

Art. 2. – La présente loi définit les statuts des ports autres que militaires. Elle fixe aussi le statut et les dispositions s'appliquant aux entités chargées d'assurer l'administration, la gestion et l'exploitation de ces ports ainsi que la régulation du sous-secteur. Les dispositions de la présente loi sont édictées dans le respect des principes suivants :

- Principe d'inaliénabilité et d'indivisibilité du territoire national;

- Principe de respect des prérogatives de l'Etat liées à l'exercice de la souveraineté nationale sur l'espace maritime;

- Principe d'autonomie des Provinces;

- Principe de désengagement de l'Etat des activités à caractère industriel et commercial;

- Principe d'appartenance au territoire stratégique national au sens de la loi n° 94-018 du 26 septembre 1995 portant organisation générale de la défense de Madagascar.

**TITRE II
ORGANISATION GÉNÉRALE
CHAPITRE PREMIER**

Administration et régulation du sous secteur des ports

Art. 3. – L'administration et la régulation du sous-secteur des ports sont assurées par l'Agence Portuaire Maritime et Fluviale (APMF) qui a le statut d'Etablissement Public à Caractère Industriel et Commercial dotée de l'autonomie administrative et financière tel qu'il est régi par la loi n° 98-031 portant définition des établissements publics et des règles concernant la création de catégorie d'établissements publics et ses décrets d'application. L'APMF veille à ce que la gestion et l'exportation des ports soient assurées dans le respect des règles d'une libre concurrence transparente entre opérateurs.

CHAPITRE II

Classification des ports - Domanialité

Art. 4. – Les ports autres que les ports militaires sont classés en ports d'intérêt national et ports d'intérêt provincial.

La classification des ports est établie par décret en tenant compte de l'importance stratégique, des flux de trafic et de l'importance socio-économique et géographique de chaque port, notamment, en relation avec l'économie nationale.

And. 5. – Na inona na inona sokajy misy ny seranan-tsambo iray, ny faritry ny tanim-panjakana ara-tseranan-tsambo izay ahitana faritra voajanahary, ara-dalana na nataon' ny olona ka ao anatin' ny famaritana ny seranan-tsambo dia voasokajy ho fananam-panjakana an' ny firenena.

And. 6. – Ny lisitry ny seranan-tsambo afaka mandray sambo misahana asa iraisam-pirenena dia faritan' ny didim-panjakana.

TOKO III

Fiadidiana ny seranan-tsambo sy fanatanterahana ny andraikitry ny fahefana ara-tseranan-tsambo

And. 7. – Ny fiadidiana ny seranan-tsambo, araka ny hevitr' ity lalàna ity, dia mahasahana :

- ny andraikitry ny tompom-pahefana ara-tseranan-tsambo, izay ahitana :

- ny fiarovana ny seranan-tsambo izay mahafehy indrindra ny fiarovana ny faritry ny seranana sy ny fiarovana ny fihariana ny seranan-tsambo;

- ny fiadidiana sy ny fikojakojana ny faritry ny seranan-tsambo, ny fitaovam-piasana ara-tseranan-tsambo sy ny fananan' ny seranan-tsambo, ary indrindra ny fanomezana fahazoan-dàlana haka toerana ao amin' ny fari-panjakana ara-tseranan-tsambo;

- ny andraikitry ny tompom-pahefana, raha ny mikasika ny fanomezana sy ny fahazoan-dàlana hiasa ao amin' ny seranan-tsambo;

- Ny fanaraha-maso ny ati-rano sy ny fanatanterahana ny asa fangadiana ny aty rano any amin' ny faritry ny planin' ny ranon' ny seranan-tsambo;

- ny fanatanterahana ny asa fanitàrana, fanatsarana, fanavaozana sy fanarenana ny fitaovam-piasana misy ao amin' ny fetran' ny faritry ny seranan-tsambo na ilaina amin' ny fampandehanana ny asa.

And. 8. – Ny fiadidiana ny seranan-tsambo voasokajy ho an' ny tombontsoam-pirenena izay amarinin' ny fananany lanja, dia iantsorohan' ny sosaiety izay ahitana ny fahefana-panjakana, Fanjakana, Faritany mizakatena sy ny rantsany, ho tompon' ny ampahany betsaka amin' ny renivola ampiasaina. Ireo seranan-tsambo ireo dia manana ny satany, ary antsoina hoe : "seranan-tsambo manana fiadidiana mizakatena". Ny sosaiety hiadidy ireo seranan-tsambo ireo dia antsoina hoe sosaietin' ny seranan-tsambo manana fiadidiana mizakatena i ...". Izy ireo dia fehezin' ny zo ankapoben' ny sosaietin' olona tsy anavahana anarana, raha tsy misy ny fepetra manokana apetrak' ity lalàna ity sy ny didim-panjakana fampiharana izany.

Ny lohateny III amin' ity lalàna ity dia mametra ny fomba fanorenana ary mamaritra ny andraikitra sy ny fepetra lehibe amin' ny firafitra ara-pitantàna sy ara-bolan' ireo sosaietin' ny seranan-tsambo manana fiadidiana mizakatena.

And. 9. – Ny fiadidiana ny seranan-tsambo voasokajy ho an' ny tombontsoam-pirenena, ankoatr' ireo seranan-tsambo manana fiadidiana mizakatena dia nafindra amin' ny masoivoho ara-tseranan-tsambo, an-dranomasina sy an-dranomamy (APMF) izay tokony hamindra izany fahefana izany, ao anatin' ny fepetra izay voatanisa ao amin' ny lohateny V amin' ity lalàna ity, amin' ny mpandraharaha tsy miankina manana fanomezan-dàlana mahafaobe momba ny fiadidiana sy fihariana. Ireo seranan-tsambo ireo dia manana ny satany, ary antsoina hoe "seranan-tsambo ho an' ny tombontsoam-paritany".

And. 10. – Ny fiadidiana ireo seranan-tsambo voasokajy ho amin' ny tombontsoam-paritany dia nafindra amin' ny Faritany mizakatena izay misy azy; tokony izy ihany no hamindra, ao anatin' ny fepetra izay voatanisa ao amin' ny lohateny V amin' ity lalàna ity, izany fiadidiana izany amin' ny mpandraharaha tsy miankina manana fanomezan-dàlana mahafaobe momba ny fiadidiana sy fihariana. Ireo seranan-tsambo ireo dia manana ny satany, ary antsoina hoe "seranan-tsambo ho an' ny tombontsoam-paritany".

Art. 5. – *Quelle que soit la classe à laquelle appartient le port, le domaine public portuaire - comprenant le domaine public naturel, légal et artificiel situé dans les limites du port - est classé dans le domaine public de l'Etat.*

Art. 6. – *La liste des ports habilités à recevoir des navires assurant des opérations à caractère international est fixée par décret.*

CHAPITRE III

Gestion des ports et exercice du rôle d'autorité portuaire

Art. 7. – *La gestion d'un port, au sens de la présente loi, couvre :*

- le rôle d'autorité portuaire qui comprend :

- la police portuaire qui couvre notamment la police du domaine public portuaire et la police de l'exploitation portuaire;

- la gestion et l'entretien du domaine portuaire, des infrastructures portuaires et du domaine immobilier du port et notamment la délivrance des autorisations d'occupation du domaine public portuaire;

- le rôle d'autorité concédante en ce qui concerne les concessions et permissions d'exploitation dans le port.

- la surveillance des profondeurs et la maîtrise d'ouvrage des travaux de dragage dans les limites du plan d'eau portuaire.

- la maîtrise d'ouvrage des travaux d'extension, d'amélioration, de renouvellement et de reconstruction des installations situées dans les limites du domaine portuaire ou nécessaires à son fonctionnement.

Art. 8. – *La gestion des ports classés d'intérêt national dont l'importance le justifie est assurée par des sociétés dans le capital desquelles la puissance publique, Etat, Provinces autonomes et leurs démembrements, est majoritaire. Ces ports ont le statut de, et sont appelés, "ports à gestion autonome". Les sociétés gérant ces ports sont appelées "société du port à gestion autonome de ...". Elles sont régies selon le droit commun des sociétés anonymes sous réserve des dispositions particulières prévues dans la présente loi et ses décrets d'application.*

Le titre III de la présente loi fixe les modalités de création et précise les attributions ainsi que les grands principes d'organisation administrative et financière des sociétés des ports à gestion autonome.

Art. 9. – *La gestion des ports classés d'intérêt national autres que les ports à gestion autonome est transférée à l'APMF qui est tenue, dans les conditions qui sont précisées au titre V de la présente loi, de la déléguer à des opérateurs privés titulaires de concessions globales de gestion et d'exploitation. Ces ports ont le statut de, et sont appelés, "port d'intérêt national non autonome".*

Art. 10. – *La gestion des ports classés d'intérêt provincial est transférée à la Province autonome où ils sont situés; celle-ci est tenue, dans les conditions qui sont précisées au titre V de la présente loi, de déléguer cette gestion à des opérateurs privés titulaires de concessions globales de gestion et d'exploitation. Ces ports ont le statut de, et sont appelés, "ports d'intérêt provincial".*

And. 11. – Eo amin' ny lafiny fanànan-tanim-panjakana, ny sosaietiny ny seranan-tsambo manana fiadidiana mizakatena, any amin' ny seranan-tsambo manana fiadidiana mizakatena, ny (APMF), any amin' ny seranan-tsambo ho an' ny tombontsoam-pirenena tsy mizakatena ary ny Faritany mizakatena, any amin' ny seranan-tsambo ho an' ny tombontsoam-paritany, dia manana zo sy andraikitra mitovy amin' ny an' ny Fanjakana.

Na izany aza anefa, ireo asa rehetra mitondra fanamboarana ao amin' ny fari-panjakana ny seranan-tsambo dia tsy maintsy ankatoavin' ny masoivoho ara-tseranan-tsambo, an-dranomasina sy an-dranomamy (APMF) mialoha ny fiantombohan' ny fanatanterahana azy.

And. 12. – Na dia eo aza ny lamina manokana voalazan' ny hitsivolana laharana faha-60-099 novan' ny hitsivolana laharana faha-62-035 mandamina ny fananan-tanim-panjakana ary ao amin' ny lalàna laharana faha-99-028 momba ny fanovana ny Fehezandàlana momba ny ranomasina, ny fandikan-dalàna mikasika ny fiarovana ny fihariana ny seranan-tsambo izay voalazan' ny fepetran' ny didim-panjakana dia saizana handoa sazy mitetina 500 000 Iraimbilanja malagasy ka hatramin' ny 5 000 000 Iraimbilanja malagasy, ankoatra ny lany amin' ny fanarenana ny fahasimbana novokarina.

Ny fandikan-dalàna dia amarinin' ny tatitra ataon' ny manamboninahitra an-tseranana izay mpiasan' ny fahefana miandraikitra ny fiadidiana ny seranan-tsambo ary nahazo ny fankatoavan' ny APMF araka ny fepetra voafaritry ny didim-panjakana. Ireo fandikan-dalàna ireo dia andraikitra ny fahefana momba ny ady heloka tsotra.

And. 13. – Ny fahefana miahy ny fiadidiana ny seranan-tsambo dia atrehina vondrona mpanolotsainan' ny mpampiasa sy ny mpandraharaha. Didim-panjakana no mametra ny fahefana sy ny fitsipika ankapobe momba ny fanendrena ny mambra ao amin' ireo vondrona ireo ary koa ny fampandehanan-draharaha.

And. 14. – Ny Fanjakana dia afaka mandray anjara amin' ny famatsiam-bola ny asa fanatsarana sy fanitarana ny fitaovam-piasana an-tseranana sy ny fidirana ao aminy any amin' ny seranan-tsambo malagasy rehetra. Ny Fanjakana no mamaritra ny fepetran' ireo famatsiam-bola sy ny fombafomba fampiharana ny fanatanterahana ireo asa ireo, ao anatin' izany raha misy ny fepetra manokana amin' ny fitsipika ao amin' ny andininy faha-7 momba ny fampiharana ny fanatanterahana ireo asa ataon' ny tompom-pahefana fiadidiana.

Etsy andanin' izany ny masoivoho ara-tseranan-tsambo, an-dranomasina sy an-dranomamy APMF dia afaka mandray anjara amin' ny famatsiam-bola ny asa fanatsarana sy fanitarana ny fotodrafitr' asa an-tseranana sy ny fidirana ao amin' ny seranan-tsambo malagasy rehetra. Didim-panjakana no mametra ny fepetra ankapobe mikasika ireo famatsiam-bola ireo sy ny fombafomba fampiharana ny fanatanterahana ireo asa ireo, ka ao anatin' izany, raha misy ny fepetra manokana amin' ny fitsipika ao amin' ny andininy faha-7 momba ny fampiharana ny fanatanterahana ireo asa ataon' ny tompom-pahefana fiadidiana.

TOKO IV

Fitrandrahana ny seranan-tsambo

And. 15. – Ny fitrandrahana ny seranan-tsambo izay mahasahana ny ankabeazan' ny asa ara-indostria sy ara-barotra : fibatana entana, fametrahana entana famatorana sambo, fitarihana lalana, fitarihan-tsambo sy ny asa hafa atao ho an' ny mpampiasa ny seranan-tsambo dia sahanina fikambanana mizaka zo tsy miankina afa-tsy ny filana misy antony manokana tsy maintsy atao.

And. 16. – Ny fihariana dia mitaky fahazoan-dalana omena ireo fikambanana ireo, ao anatin' ny fanajana ny fepetra momba ny lalàna mifehy ny fiadidiana sy ny fampiasana ny fari-panjakana ary koa izay voafaritry ity lalàna ity sy ao amin' ny didim-panjakana fampiharana azy.

Art. 11. – En matière de domanialité publique, les sociétés de port à gestion autonome, dans les ports à gestion autonome, l'APMF, dans les ports d'intérêt national non autonomes et les Provinces autonomes, dans les ports d'intérêt provincial, ont les mêmes droits et obligations que l'Etat.

Toutefois, tous les travaux conduisant à apporter des modifications aux ouvrages du domaine public portuaire doivent, préalablement à tout début d'exécution, être approuvés par l'APMF.

Art. 12. – Nonobstant les dispositions spécifiques prévues dans l'ordonnance n° 60-099 modifiée par l'ordonnance n° 62-035 réglementant le domaine public et dans la loi n° 99-028 portant refonte du Code maritime, les contraventions aux règles de police de l'exploitation des ports qui sont édictées dans des conditions fixées par décret sont punies d'une amende de 500 000 à 5 000 000 de francs malgaches, sans préjudice de la réparation du dommage causé.

Les contraventions sont constatées par des procès-verbaux dressés par les officiers de port qui sont des employés de l'autorité assurant la gestion du port qui doivent être agréés par l'APMF dans des conditions fixées par décret. Ces contraventions sont de la compétence de la juridiction correctionnelle.

Art. 13. – Les autorités assurant la gestion des ports sont assistées par des Commissions consultatives des usagers et des opérateurs; un décret fixe les compétences et les règles générales s'appliquant à la désignation des membres de ces Commissions ainsi qu'à leur fonctionnement.

Art. 14. – L'Etat peut participer au financement des travaux d'amélioration et d'extension des infrastructures portuaires et de leurs accès dans tous les ports malgaches. L'Etat arrête les conditions de ces financements et les modalités d'exercice de la maîtrise d'ouvrage de ces travaux y compris, le cas échéant, les dérogations aux dispositions de l'article 7 concernant l'exercice de la maîtrise d'ouvrage de ces travaux par l'autorité gestionnaire.

L'APMF peut, d'autre part, participer au financement des travaux d'amélioration et d'extension des infrastructures portuaires et de leurs accès dans tous les ports malagasy. Un décret fixe les conditions générales s'appliquant à ces financements et aux modalités d'exercice de la maîtrise d'ouvrage de ces travaux y compris, le cas échéant, les dérogations aux dispositions de l'article 7 concernant l'exercice de la maîtrise d'ouvrage de ces travaux par l'autorité gestionnaire.

CHAPITRE IV

Exploitation des ports

Art. 15. – L'exploitation des ports, qui couvre l'ensemble des activités à caractère industriel et commercial : manutention, entreposage, lamanage, pilotage, remorquage et autres services rendus aux usagers du port, est assurée, sauf exception motivée par des nécessités impérieuses, par des sociétés de droit privé.

Art. 16. – L'exploitation fait l'objet d'autorisations délivrées à ces sociétés dans le respect des dispositions législatives régissant la gestion et l'utilisation du domaine public ainsi que de celles prévues dans la présente loi et dans ses décrets d'application.

Ireo fahazoan-dàlana ireo dia mety haka ny endriky ny :

- Fanomezan-dàlana hisahana asam-panjakana;
- Fahazoana alalana hisahana asa mahaleotena ho azy samirery.

And. 17. – Ny vola fandoa raisin' ny tompo' ny fanomezan-dàlana amin' ny asam-panjakana ho tambin' ny asa ataony ho an' ny mpampiasa ny seranan-tsambo dia ankatoavin' ny fahefana mpanome, ao anatin' ny fanajana ny fepetra voarakitra ao amin' ny didim-panjakana fampiharana ity lalàna ity.

And. 18. – Raha vao misy sata vaovao ampiharina amin' ny seranan-tsambo iray, ilay fahefana fiadidiana vaovao dia maka ny toeran' ilay teo aloha ny amin' ny fahazoan-dàlana, fanomezan-dàlana ary alalana rehetra nomena sy natolotra tao amin' io seranan-tsambo io mandra-pahatongan' ny fetra mahala'ny andro azy ireo.

TOKO V

Fepetra ara-pitantanam-bola

And. 19. – Ho sandan' ny asa izay atolony ny mpampiasa sy ny mpandraharaha ao an-tseranana, ny seranan-tsambo manana fiadidiana mizakatena ary ny tompo' ny fanomezan-dàlana mahafaobe amin' ny fiadidiana sy ny fihariana izay namindrana ny fahefana miadidy ny seranan-tsambo tsy manana fiadidiana mizakatena, dia mandray ho tombontsoan' izy ireo ny haban-tseranana izay ahitana ny haba amin' ny seranan-tsambo sy habam-piantsonana, ary ny haba fandrotsaky ny tompo' ny fahazoan-dàlana sy fanomezan-dàlana.

And. 20. – Raha vao misy sata vaovao omena seranan-tsambo iray, ny haban-tseranana sy ny haba avy amin' ny fahazoan-dàlana sy fanomezan-dàlana nampiharina ny fahefana tompo' andraikitra ny fiadidiana ny seranan-tsambo izay soloin' ny fahefana fiadidiana vaovao toerana dia raisin' ity farany ity mivantana.

And. 21. – Mba hitsinjovana ny firindrana eo amin' ireo seranana samihafa dia didim-panjakana no amerana ny lalàna ankapobe momba ny mari-pamerana ny vola fandoa amin' ny haban-tseranana.

LOHATENY III

SERANAN-TSAMBO MANANA FIADIDIANA MIZAKATENA

TOKO VOALOHANY

Fananganana ny satan' ny seranan-tsambo manana fiadidiana mizakatena. Ny andraikitra ny sosaiety miadidy ireo seranan-tsambo ireo

And. 22. – Ny satan' ny "seranan-tsambo manana fiadidiana mizakatena" dia omena amin' ny alàlan' ny didim-panjakana.

Ireo sosaiety miah'y ny fiadidiana ireo seranan-tsambo ireo dia apetraka eo ambany fiantohana ara-teknika' ny APMF miankina amin' ny minisitara miandraikitra ny seranan-tsambo.

And. 23. – Ny sosaietin' ny seranan-tsambo manana fiadidiana mizakatena dia miantsoaka, ao anatin' ny faritra ny seranan-tsambo, ary araka ny fepetra voalaza eto ambany, ireo andraikitra voalaza ao amin' ny andininy faha-7 amin' ity lalàna ity. Azo ampiandraiketina ihany koa ny fihariana, ny fikojakojana ary ny fanatsarana ny toeran' ny fitaovam-pamantarana an-dranomasina mamaritra ny fitaovam-piasana an-tseranan-tsambo sy ny fidirana ao aminy izy.

Azo omena alalana izy, eo amin' ny sehatry ny lalàna manankery hanorina na handray anjara amin' ny fanorenana sy ny fanajariana ny faritra ara-indostria sy fitehirizana ivelan' ny faritra ny seranan-tsambo.

And. 24. – Ny faritra ny seranan-tsambo manana fiadidiana mizakatena na ny fitambarana seranan-tsambo dia ferana ao amin' ny didim-panjakana manome an' io seranan-tsambo io ny satan' ny seranan-tsambo manana fiadidiana mizakatena. Io didim-panjakana io ihany no, mamaritra ny isan' ny fananana sy ny fitaovam-piasana nomena ilay sosaietin' ny seranan-tsambo manana fiadidiana mizakatena, anisan' izany ireo momba ny fananana manokana an' ny Fanjakana, ary koa ny lisitry ny toeran' ny fitaovam-

Ces autorisations peuvent revêtir la forme de :

- Concessions de service public;
- Permissions à usage exclusivement privé.

Art. 17. – Les tarifs perçus par les titulaires de concession de service public en rémunération des services qu'ils rendent aux usagers des ports sont approuvés par l'autorité concédante dans le respect des dispositions prévues dans les décrets d'application de la présente loi.

Art. 18. – Dès qu'un nouveau statut est conféré à un port, la nouvelle autorité gestionnaire se substitue à l'ancienne en ce qui concerne toutes les concessions, permissions et autorisations octroyées et délivrées dans ce port et ce, jusqu'à leur date d'expiration.

CHAPITRE V

Dispositions financières

Art. 19. – En rémunération du service qu'ils rendent aux usagers et opérateurs portuaires, les ports à gestion autonome et les titulaires des concessions globales de gestion et d'exploitation auxquels est déléguée la gestion des ports n'ayant pas le statut de port à gestion autonome perçoivent à leur bénéfice les droits et redevance portuaires qui comprennent les droits de port et de stationnement, et les redevances versées par les titulaires de concessions et permissions.

Art. 20. – Dès qu'un nouveau statut est conféré à un port, les droits et redevances portuaires et les redevances de concessions et permissions appliqués par l'autorité en charge de la gestion du port à laquelle la nouvelle autorité gestionnaire se substitue sont perçus directement par cette dernière.

Art. 21. – Dans le souci d'assurer une cohérence entre les différents ports, les règles générales concernant les assiettes des tarifs des droits et redevances portuaires sont fixées par décret.

TITRE III

PORTS À GESTION AUTONOME

CHAPITRE PREMIER

Institution du statut de port à gestion autonome Attributions des sociétés gérant ces ports

Art. 22. – Le statut de "port à gestion autonome" est fixé par décret.

Les sociétés assurant la gestion de ces ports sont placées sous la tutelle technique de l'APMF pour le compte du Ministre chargé des Ports.

Art. 23. – La société du port à gestion autonome assure, à l'intérieur des limites de circonscription portuaire et dans les conditions définies ci-après, les attributions décrites à l'article 7 de la présente loi. Elle peut également être chargée de l'exploitation, de l'entretien et de l'amélioration des établissements de signalisation maritime balisant les installations portuaires et leurs accès.

Elle peut être autorisée, dans le cadre de la réglementation en vigueur, à créer ou à participer à la création et à l'aménagement de zones industrielles et d'entrepôts extérieurs à la circonscription portuaire.

Art. 24. – La circonscription du port à gestion autonome ou d'un groupement de ports fusionnés est fixée dans le décret conférant à ce port le statut de port à gestion autonome. Le même décret précise la consistance des biens et installations remis à la société du port à gestion autonome, y compris de ceux qui ressortissent du domaine privé de l'Etat, ainsi que la liste des

pamantarana an-dranomasina mamaritra ny fitaovam-piasan' ny seranan-tsambo sy ny fidirana ao aminy.

And. 25. – Ny sosaietin' ny seranan-tsambo manana fiadidiana mizakatena dia afaka koa anankinan' ny APMF asa fanampiny. Ny fepetra anatanterahana ny fanakinana asa fanampiny aminy toy izany no anton' ny fifanarahana eo amin' io sosaiety io sy ny APMF. Ny vola lany vokatr' ireo asa fanampiny ireo dia oneran' ny APMF manontolo amin' io sosaiety io.

And. 26. – Ny sosaietin' ny seranan-tsambo manana fiadidiana mizakatena dia maka ny toeran' ny Fanjakana eo amin' ny andraikitra, ny fanavaozana na ny fanamboarana ny fahazoan-dàlana ny fanomezan-dàlana sy alalana hampiasa mandritra ny fotoana voafetra ny tanim-panjakana miankina amin' ny Fanjakana ary koa ao amin' ny fankatoavana sy ny famerana ny haba sy ny vola fandoa farany ambony ampiharina ireo nomena ny fahazoan-dàlana, ao anatin' ny fankatoavana ny fitsipi-dalànan' ny vidin-javatra izay mety ampiharina ary koa ao anatin' ny lalàna ankapobe momba ny mari-pamerana ny vola fandoa amin' ny haban-tseranana voafaritry ny didim-panjakana voalaza ao amin' ny andininy faha-21.

And. 27. – Rehefa nomena ny satan' ny seranan-tsambo manana fiadidiana mizakatena, ny seranan-tsambo manana fiadidiana tsy mizakatena ireo tany malalaka, ny fiantsonana, ny fefiloha, ny fari-drano, ny lalam-by ampiasain' ny seranan-tsambo ary amin' ny ankapobeny, ireo fananana rehetra miorina amin' ny tanim-panjakana miankina amin' ny Fanjakana eo amin' ny fotoanan' ny fifanoloan-toerana na naorin' ny seranan-tsambo manana fiadidiana mizakatena taty aoriana sy afindra na tokony afindra amin' ny fihariana ny seranan-tsambo ao anatin' ny faritra voalaza araka ny andininy faha-24 etsy ambony, dia mitàna ny toetra maha-fananam-panjakana an' ny Fanjakana azy : ny fiadidiana io tanim-panjakana miankina amin' ny Fanjakana io dia iandraiketan' ny seranan-tsambo-manana fiadidiana mizakatena ao anatin' ny fankatoavana ny fepetra voalaza ao amin' ny Lohateny II amin' ity lalàna ity.

Ankoatr' izany, izay mety ho fanovàna ny toeram-pamantarana an-dranomasina dia manaraka ny fitsipiky ny toro-lalana momba ny fitondran-tsambo izay voafaritry ny lalàna manan-kery.

And. 28. – Araka ny famindrana voalazan' ny andininy faha-26 sy faha-27 etsy ambony dia ilay sosaiety manana fiadidiana mizakatena no misolo manontolo ny Fanjakana amin' ny zony rehetra, tombontsoa sy adidy mifandraika amin' ny fiadidiana ny fananana ary ny sehatrasa nafindra.

Ny famindrana ny fananana ho amin' ny sosaiety manana fiadidiana mizakatena dia tsy misy fanerana mihitsy an' io sosaiety io.

TOKO II

Fandaminana ara-pitondran-draharaha

And. 29. – Ny fepetra ara-pitondran-draharaha ampiharina amin' ny sosaiety manana fiadidiana mizakatena iray dia raketin' ny satany.

And. 30. – Ny sosaietin' ny seranan-tsambo manana fiadidiana mizakatena dia manana safidy malalaka amin' ny fandraisana ny olona hiasa ao aminy.

Ny mpiasan' io sosaiety io dia fehezin' ny lalànan' ny zo iombonana ao amin' ny Fehezan-dalàna momba ny asa.

Ny mpiasa miondrana ambonin' ny sambon' io sosaiety io kosa, dia fehezin' ny fitsipika manokan' ny asa an-dranomasina araka ny voafaritry ny Fehezan-dalana momba ny fifamoivoizana an-dranomasina.

TOKO III

Fepetra ara-pitantanam-bola

And. 31. – Ny fepetra ara-pitantanam-bola fampihatra amin' ny sosaietin' ny seranan-tsambo manana fiadidiana mizakatena iray dia faritan' ny satany.

And. 32. – Ny sosaietin' ny seranan-tsambo manana fiadidiana mizakatena dia manana fahazakan-tena ara-piadidiana lehibe. Izy

établissements de signalisation maritime balisant les installations portuaires et leurs accès.

Art. 25. – La société du port à gestion autonome peut aussi se voir confier par l'APMF des services annexes. Les conditions dans lesquelles de tels services annexes lui sont confiés font l'objet d'un protocole entre ladite société et l'APMF. Les dépenses occasionnées par ces services annexes sont intégralement remboursées par l'APMF à cette société.

